Hetra alaina amin’ny vola miditra sy Hetra tambatra

Mandra-pahoviana ny koperativam-pitaterana no afaka manao ny fanambarana ny vola miditra sy ny Hetra tambatra?
Araka izay voalazan’ny andininy 01.01.17 sy 01.02.06 ao amin’ny fehezan-dalàna ankapobeny momba ny hetra, ny fanambarana ny vola miditra sy ny Hetra tambatra dia tsy maintsy atao farafahatarany avy ny 15 mey sy ny 30 martsa ny taona manaraka ny taom-piasana. Noho ny toe-draharaha ara-toekarena amin’izao fotoana izao anefa dia azonareo atao ny manao izany fanambarana ara-ketra izany hatramin’ny 30 jona 2010, fe-potoana farany.

Andoavan’ireo koperativam-pitaterana ireo sazy sy lamandy ve ny fanaovana fanambarana ara-ketra mandritra izany fe-potoana vaovao izany?
Ny fanaovana fanambarana mandritra io fe-potoana voatondro io dia tsy andoavana sazy na lamandy. Ny tsy fanajana izany kosa dia manafoana ny fampihenana ka mampihatra avy hatrany ny famerenan-ketra tsy misy fierana mbamin’ny sazy voalazan’ny lalàna manan-kery.